# Lesona 3: Iray Ao Amin'i Kristy

## A. Ny olana momba ny fisian'ny antoko ao am-piangonana

1. 1 Korintiana 1:10 Inona no antso ataon'i Paoly eo amin'ny fiandohan'ny taratasiny ho an'ny Kristiana tao Korinto?
2. Nahoana i Paoly no nanao izao antso ho amin'ny firaisana sy firindrana eo amin'ny samy mpino izao? 1 Korintiana 1:12-13
3. Nahoana no mora tokoa ny fiforonan'ny antoko ao am-piangonana, ka miteraka fisarahana sy fifampiandaniana?
4. Nahoana no tena mampahalemy sy manimba tokoa ny fisarahana sy ny fifampiandaniana eo amin'ny fiezahan'ny Kristiana hizara amin'ny hafa ny vaovao mahafaly momba an'i Jesosy? Jaona 13:35, Jaona 17:21-23
5. Inona no maha-samy hafa ny antoko sy ny tarika madinika miasa tsara?

## B. Firaisana tanteraka

1. 1 Korintiana 1:10 Ahoana no ahafahan'ny olombelona tsy tonga lafatra ho iray tanteraka? 1 Korintiana 1:4-9, Kolosiana 3:12-14, Romana 5:5
2. Inona no dikan'ny hoe "miray saina"? Filipiana 2:1-8
3. Ahoana no hahatanteraka ny hoe manana hevitra samihafa nefa mbola miray saina ihany?

## D. Fitomboana eo amin'ny fahamatorana ara-panahy

1. 1 Korintiana 3:1-2 Ahoana no hamaritan'i Paoly ny fahamatorana ara-panahin'ny Kristiana tao Korinto?
2. Ahoana no fisehoan'ny tsy fahamatorany ara-panahy? 1 Korintiana 3:3-4
3. Inona no famantarana fa mitombo eo amin'ny fahamatorana ara-panahy ny Kristiana? 1 Korintiana 2:12-16
4. Iza no nanampy anao ho matotra ara-panahy?

## E. Fitarihana amin'ny maha-mpanompon'i Kristy

1. 1 Korintiana 4:1-2
2. Inona no fampianaran'i Jesosy izay mampahatsiahy antsika ny filàna manaraka ny ohatra nomeny momba ny fitarihana manompo? Marka 10:42-45
3. Inona no hevitry ny hoe "mpitandrina'ny zava-miafina izay an'Andriamanitra (1 Korintiana 4:1)"?
4. Zavatra tsy azo ihodivirana ho an'ny mpanompon'i Kristy ve ny fijaliana? 1 Korintiana 4:9-13, John 15:18-21, Matio 5:11-12
5. Inona no hevitrao momba ny fanasan'i Paoly ao amin'ny 1 Korintiana 4:16? (jereo koa 1 Korintiana 11:1)
6. Samy manana faritra izay ananantsika hery miasa mangina isika. Iza no manao anao ho ohatra?
7. Nahoana no tsara kokoa hatrany ny mitodika amin'i Jesosy fa tsy amin'ireo mpitarika olombelona, na dia manana talenta na toetra mahasarika aza izy ireo?
8. Ahoana no ahafahantsika mitoetra ho ohatra mahatoky sy mpitantana mahatoky eo amin'ny sehatra ananantsika hery miasa mangina?